# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Aogositra 2018

**31** **Zoma**
aogositra

**Ary Jesosy nivavaka tao amin'ny fitoerana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy : Tompoko, mampianara anay hivavaka.**
Lioka 11. 1

**Mivavaha ... amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana.** Efesiana 6. 18

### Mampianara ahy hivavaka

*Tompo ô, rehefa mivavaka aho,*
*Dia mba ataovy ao am-poko lalina ao*
*Ny fahaiza-mankasitraka.*
*Ambeno aho tsy hanadino*
*Ny haben'ny fitsimbinanao,*
*Ireo soa rehetra avy aminao, ry Tompo !*
*Tsy mety sasatra ny tananao*
*Mameno ahy zava-tsoa ;*
*Mampianara ahy hivavaka*
*Sy hisaotra ihany koa.*

*Tompo ô, rehefa miakatra*
*Mankany aminao ny vavaka ataoko,*
*Dia ampitomboy ny finoako.*
*Satria tianao ho sambatra aho,*
*Dia ampianaro, ry Ray tsara,*
*Hiantehitra bebe kokoa aminao.*
*Omeo ahy ny antoka*
*Fa mahay mamaly vavaka Ianao ;*
*Mampianara ahy hivavaka*
*Am-pahatokiana.*

*Ambeno anie aho, ry Tompo,*
*Rehefa mivavaka,*
*Mba tsy ho tia tena na hihidy fo ;*
*Ataovy mitobaka avy ato am-poko*
*Ny fitiavana miredareda sy marina*
*Ireo malalanao rehetra ;*
*Aoka aho mba hahay mitalaho*
*Ho azy ireo an-kafanam-po.*
*Mampianara ahy hivavaka,*
*Ka Ianao no alaiko tahaka.*